

## **Sabatan'ny Fanahin'ny Faminaniana - 17 oktobra 2020**

**Lohatenin'ny Toriteny : Raha Mampifantoka Ny Fijerintsika Eo Amin'i Jesosy Isika**

**Vakiteny Fototra : Apokalypsy 1: 1-3**

*"Ny fanambaran'i Jesosy Kristy, izay nomen'Andriamanitra Azy, mba hasehony amin'ny mpanompony izay zavatra tsy maintsy ho tonga faingana ; ary naniraka ny anjelin'ny Izy hanambara amin'i Jaona mpanompony, izay nambara ny tenin'Andriamanitra sy ny filazana an'i Jesosy Kristy, dia ny zavatra rehetra izay efa hitany. Sambatra izay mamaky sy ny mihaino ny tenin'ity faminaniana ity ka mitandrina izay voasoratra ato anatin'ny; fa antomotra ny andro."*

### **Fampidirana**

Ny fonja maneran-tany dia mihazona olo-meloka maro izay nahavita heloka bevava goavana. Indraindray izy ireo dia miezaka handositra. Raha mamolavola ny fandosirany izy ireo dia fantany fa rehefa tsy dia misy olona mijery vao afaka manandrana izany izy ireo. Matetika izy ireo no miandry amin'ny alina rehefa matory ny ankamaroan'ny voafonja sy ny mpiandraikitra ka tsy dia misy fivezivezena firy. Nefa na dia manandrana ny fandosirany amin'ny alina aza izy ireo, ny ankamaroan'ny fonja dia manana tilikambo fiambenana, noho izany dia mety ho kely ny fahafahana hahomby. Misy mpiambina amin'ireny tilikambo ireny ary tsy mitsahatra mijery ny kianja mitady izay miezaka handositra izy ireo. Misy jiro ngezabe mamirapiratra avy eny amin'ny tilikambo manazava ny toerana rehetra ao amin'ilay fonja. Raha mbola mirehitra mazava be ireo jiro ireo dia kely ihany ny mety hahafahan'ny voafonja iray hamakivaky ny tokotanin'ny fonja nefa tsy ho tsikaritra. Raha misy voafonja te-hahomby amin'ny fandosirany, ny tetika mety indrindra ataony dia ny mamono ny jiro mirehitra avy amin'ireo tilikambo.

#### **I. Ny fanambaran'i Jesosy dia avy amin'ny filazana an'i Jesosy**

Tahaka ny hazavana mamiratra avy eny amin'ny tilikambo fiambenana, Andriamanitra dia nanome antsika fahazavana izay hampiharihary ny devoly raha manandrana mamakivaky ny kianjan'ny planeta tany izy. Hoy i Jesosy hoe: "Izaho no fahazavan'izao tontolo izao." Eo amin'ny fahazavan'i Jesosy dia miharihary ny devoly. Rehefa mijery ny toetran'i Jesosy maha-te ho tia sy tsy manan-tsahala isika, dia mahita fa ny devoly dia mifanohitra tanteraka amin'izay rehetra an'i Jesosy. Ny devoly dia nanandrana ny hanilika an'i Kristy Jesosy ary nihevitra fa nahomby teo an-kavoan'i Kalvary indray zoma tolakandro. Nefa ny alahady maraina, dia namirapiratra avy tao am-pasana ilay Fahazavana, namirapiratra be lavitra noho izay namirapiratan'ny talohan'ny fasana !

Ao amin'ny Apokalypsy 1: 2 dia vakiantsika fa ny fanambaran'i Jesosy dia tonga tamin'ny alalan'ny tenin'Andriamanitra. Toy izao no nosoratan'i Davida mpanao Salamo : "Fanilon'ny tongotro sy fanazavana ny lalako ny teninao." Tamin'ny fotoana iray dia nanandrana hanafoana ny Soratra Masina i Satana. Nisy fotoana teo amin'ny tantaran'ny fiangonana izay ny mpitondra fivavahana ihany no nahazo nikasika ny teny masin'Andriamanitra. Ny olona laika dia navela tao amin'ny haizina, tsy nahalala ny Tenin'Andriamanitra mandra-pisian'ny mpanavao fivavahana toa an'i John Wycliffe sy Martin Luther izay nandika ny Baiboly tamin'ny fiteny mahazatra ny olona. Ny tantara dia nirakitra fa ny "fitondrana papaly dia nahomby teo amin'ny fisakanana ny fielezan'ny Soratra Masina, hany ka mila ho voahilika tanteraka ny fahazavan'ny fahalalana ny Baiboly, miaraka amin'ny hery miasa manginany avo indrindra." Ankehitriny dia tsy ny Baiboly vita pirinty ihany no hita malalaka amin'ny faritra maro eto an-tany, fa an-tapitrisany koa ny olona manana fahafahana hikirakira izany amin'ny fitaovana elektronika amin'ny dikan-teny isan-karazany. Tombon-tsoa ny fananana Baiboly ankehitriny fa kosa namoizan'ny kristiana maro ny ainy teo aloha!

Ny Apokalypsy 1: 2 dia milaza fa ny fanambaran'i Jesosy dia avy amin'ny fijoroana vavolombelon'i Jesosy Kristy ihany koa. Andeha hojerentsika izay zavatra hafa lazain'ny Baiboly momba ny fijoroana ho vavolombelon'i Jesosy Kristy. Ny Apokalypsy 12:17 dia milaza fa "tezitra tamin-dravehivavy ny dragona ka lasa nandeha niady tamin'ny zanany sisa, izay mitandrana ny didin'Andriamanitra sy mitana ny filazana an'i Jesosy Kristy." Amin'ny teny Grika, ny "filazana an'i Jesosy Kristy" dia tsy ny filazana ataon'ny olon-kafa momba an'i Jesosy. Tsy toy ny rehefa miala avy ao am-piangonana isika ankehitriny dia hanana fijoroana ho vavolombelona momba an'i Jesosy. Tsia, ny filazana an'i Jesosy dia ny fijoroana ho vavolombelona ataon'i Jesosy mihitsy. Ary tsy faly ny amin'io filazana io ny devoly satria manambara zavatra manohitra azy. Voalazantsika teo fa Satana dia miady amin'ireo izay mitana ny filazana an'i Jesosy Kristy. Ankehitriny ny devoly dia manandrana ny hanaisotra sy hanafoana ny filazana an'i Jesosy Kristy. Fa inona moa ny filazana an'i Jesosy Kristy?

## **II. Ny filazana an'i Jesosy no Fanahin'ny Faminaniana**

I Jaona ilay mpahita dia nanoratra toy izao ao amin'ny Apokalypsy 19:10: "Dia niankohoka teo an-tongony aho mba hivavaka aminy. Ary hoy izy tamiko: Tandremo, aza manao izao; fa mpanompo namanao ihany aho sady naman'ireo rahalahinao izay mitana ny filazana an'i Jesosy: Andriamanitra ihany no ivavaho; fa ny filazana an'i Jesosy no fanahin'ny faminaniana. " Izao dia mety hilaza hianao manao hoe: "Azoko ny maha-fahazavana an'i Kristy satria Izy mihitsy no nilaza hoe: "Izaho no fahazavana." Fantatro ny maha-fahazavana ny Tenin'Andriamanitra satria ny Baiboly milaza hoe "Fanilon'ny tongotro sy fanazavana ny lalako ny teninao." Fa ahoana no maha-fahazavana ny faminaniana? " Ny Apôstôly Petera dia nanoratra toy izao manaraka izao ao amin'ny 2 Petera 1:19, "*Ary manana ny teny faminaniana atao mafy orina kokoa isika; koa raha mandinika izany hianareo dia manao*

*tsara, fa toy ny jiro mahazava ao amin'ny fitoerana maizimaizina izany, mandra-phazavan'ny andro, ary miposaka ao am-ponareo ny fitarik'andro.”*

### **III. Naseho teo amin'ny fiainana sy ny asa fanompoan'i Ellen White ny Fanahin'ny Faminaniana**

Ny 26 Novambra 1827, tao amin'ny toeram-piompiana iray any Gorham, Maine, ny mpamboly iray antsoina hoe Robert Harmon sy Eunice vadiny dia nandray ny fanampiny fahafito sy valo tamin'ny fianakavian'izy ireo - roavavy kambana. Ny iray nantsoina hoe Elizabeth; ary ny iray nataony hoe Ellen. Ingahy Robert Harmon dia mpanao asa-tànana izay nentiny nanohanana ara-bola ny fianakaviana. Ireto kambana no zandriny indrindra tamin'ny ankizy Harmon; i Ellen kely dia tia tamin'ny fomba manokana ireo biby teo amin'ny toeram-piompiana ary tia ihany koa ny mitsangatsangana eny anivon'ny zava-boary miaraka amin'ny rahavavy kambana aminy. Indraindray i Ellen dia voatery nanampy an'i Elizabeth rahavaviny, izay natavitavy kokoa, nandingana ireo vatan-kazo izay indraindray nanakana ny làlany.

I Ellen dia zaza tia miahy. Rehefa nandehandeha tany anaty ala ireo ankizy Harmon mba hanangona voankazo antsoina hoe *hickory*, « i Ellen, amin'ny fo feno fangorahana hatrany, dia nitondra kitapo kely lamba nisy katsaka. Rehefa nahita voankazo tao anaty lavaka teo amin'ny vatan-kazo iray izy, dia nalainy tamim-pahalianana izany ary nosoloiny tamin'ny voan-katsaka nentiny, tamin'ny fanantenana fa tsy handiso fanantenana loatra an'ireo bitrodia izany fifanakalozana izany.” Ny bitrodia manko dia fantatra fa manangona sy manafina voankazo hataony sakafo.

Ny fiainan'i Ellen dia tsy hoe feno fifaliana sy fahasambarana foana akory. Indray tolakandro raha nody niaraka tamin'i Elizabeth sy ny namany anankiray izy dia nisy toe-javatra nanova tanteraka ny fiainany. Nisy ankizivavy iray tsy faly tamin'izy ireo nitoraka vato ka nahavao an'i Ellen teo amin'ny tarehy, raha nitodika nijery ilay ankizivavy izy. Io trangan-javatra io dia nanimba tanteraka ny endrik'i Ellen ary torana tsy nahatsiaro tena izy nandritra ny telo herinandro. Maro no nihevitra fa tsy ho tafavoaka velona tamin'ilay zav-nitranga izy.

Nandritra izany fotoana izany dia tsy tao an-trano ny rain'i Ellen fa nanao dia lavitra tany Atlanta, Georgia. Rehefa niverina izy dia tsy nahalala an'i Ellen kely. Rehefa nanana hery ampy hiarenana razazavavy dia nandray fitaratra hijereny ny endriny. Indray nitopy maso kely dia raiki-tahotra izy. Nirin'i Ellen raha nanaisotra ny ainy ilay zava-nitranga fa tsy namela azy hanana endrika toy izao. Iza no afaka hanome tsiny azy raha nanana fahatsapana toyizany izy? Sivy taona monja izy tamin'izany.

Voatery nandao ny sekoly i Ellen Harmon noho ny fahavoazana nitranga avy tamin'ilay loza. Nanimba ny masonry ity faharatrana ity ary nahatsapa fahasarotana izy teo amin'ny fanoratana, satria nangovitry ny tànany rehefa nandray zavatra. Nanoratra momba izany izy taona maro taty aoriana, ka nanamarika hoe: “Io fahavoazana io, izay somary mangidy ary tena mafy mila tsy ho zaka, dia voaporofa fa fitahiana niafina. Ny dona mahatsiravina izay nanaisotra ny fifalian'ny tany, dia fomba nampitodika ny masoko tany

amin'ny lanitra. Mety tsy ho nahafantatra an'i Jesosy mihitsy aho raha tsy nitarika ahy hitady fiononana sy fampaherezana tao Aminy ny alahelo izay nanamaloka ireo taona voalohany niainako.”

Teo amin'ny taona naha-zatovo azy dia nanolotra ny fony ho an'ny Tompo i Ellen, ary natao batisa tao amin'ny Fiangonana Metodista. Tamin'izany fotoana izany ihany koa dia nisy mpitory iray antsoina hoe William Miller tonga tao Portland, Maine, ary nitory ny amin'ny fiavian'i Jesosy Kristy fanindroany, izay ninoan'i Miller fa tena efa antomotra. Ireny fivoriana rehetra ireny dia nahatonga an'i Ellen nahatsapa tena ho tsy nahazo antoka fa vonona ny hihaona amin'ny Mpamorona azy izy, koa dia nivavaka mandrakariva izy mba hanampian' Andriamanitra azy ho vonona rehefa hiverina Jesosy. Raha nandinika ny faminiana ao amin'ny Daniela 8:14 momba ny fanadiovana ny fitoerana masina ireo Milerita (mpomba an'i Miller) dia nino fa hiverina amin'ny 22 Oktobra 1844 i Kristy. Fantatsika tsara anefa fa tsy niverina i Jesosy tamin'io andro io. Ankehitriny io andro io dia fantatra amin'ny hoe “Ilay Fahadisoam-panantenana Lehibe”. Kanefa na dia fahadisoam-panantenana ho an'ny mpino maro aza izany, dia nahatsiaro i Ellen fa ny taona mialohan'io noheverina fa hiverenan'i Jesosy io no taona sambatra indrindra tamin'ny fiainany. Nahoana? Izy (Ellen), niaraka tamin'ireo olona hafa maro manerana an'izao tontolo izao, dia niomana hihaona amin'i Jesosy rehefa ho tonga eny amin'ny rahona Izy!

Rehefa tsy tonga i Jesosy dia nampizarazara ny fihetsehana Milerita ho vondrona maromaro ny fiantraikan'ily fahadisoam-panantenana. Nisy vondrona iray nandao tanteraka ny fivavahana. Nisy andiana mpino hafa niverina tany amin'ny fiangonany teo aloha. Nisy vondrona anankiray hafa nino fa tonga i Jesosy, saingy tamin'ny fomba miafina. Ny vondrona fahefatra dia nino fa marina ilay daty, fa ny toe-javatra noheverina hiseho no tsy izy.

Ny ampitson'io, nisy lehilahy iray antsoina hoe Hiram Edson nandeha hamonjy ny fihaonan'ireo advantista diso fanantenana sy kivy. Rehefa kivy noho ny tsy niverenan'i Jesosy ny andro talohan'io izy ireo, dia nivory mba hifampionona sy hifampahery ary handinika bebe kokoa ny Baiboly mba hahitany hoe teo amin'ny inona no nahadiso hevitra azy ireo teo amin'ny fahatakarany ny faminiana. Raha namakivaky tanin-katsaka iray i Edson, namerimberina tao an-tsainy ireo fanompoam-pivavahana tao amin'ny fitoerana masina teto an-tany sy ny hevitr'izany ara-paminiana, dia tonga tamin'ny fahatakarana vaovao izay nitarika ireo mpino an'io andro io handinika tamim-pitandremana kokoa ny Soratra Masina. Ny fandinihana lalindalina kokoa ny fanompoam-pivavahana taoamin'ny fitoerana masina teto an-tany dia naneho tamin'izy ireo ny teboka nahadiso hevitra azy ireoteo amin'ny fahatakarana ny amin'ny fiverenan'i Jesosy. Tamin'ny Andro Fanavotana ny mpisoronabe teto an-tany dia nifindra avy tao amin'ny efitra masina nankao amin'ny efitra masina indrindra. Izany dia naneho fotoana nanombohan'ny fitsarana raha nanelanelana teo anatrehan'Andriamanitra ho an'ny vahoaka ny mpisoronabe. Ny asa fanompoana nataon'ny mpisoronabe tao amin'ny efitra masina indrindra dia niafara tamin'ny fanadiovana ny fitoerana masina.

Vetivety foana dia hitan'ireo mpino Advantista fa tsy hiverina ety an-tany ny 22 Oktobra 1844 akory Jesosy, Ilay Mpisoronabentsika any an-danitra, fa nifindra niala avy tao

amin'ny efitra masina any an-danitra nankao amin'ny efitra masina indrindra, mba hanomboka ny asan'ny fitsarana famotopotorana sy ny fanadiovana ny fitoerana masina any an-danitra tahaka ny tamin'ny andro lehibe fanavotana nasehon'ny tandindona. Amin'ny fiafaran'io fanadiovana ny fitoerana masina any an-danitra io Jesosy no hiverina ety an-tny mba handray ireo voavotra ho any Aminy any an-danitra.

Tamin'ny taona 1844 ihany koa, raha fito ambin'ny folo i Ellen Harmon no nantsoin' Andriamanitra ho mpitondra iraka ho an'ny fiangonany vaovao vao niforona. Efa nanome fahitana mitovy amin'izany ho an'ny lehilahy anankiroa hafa Andriamanitra. Williams Ellis Foy, mpitory teny mainty hoditra milerita (mpomba an'i Miller), dia nizara arak izay azony natao ny hafatra voarainy avy tamin'Andriamanitra, nefa ny rivotra politika momba ny fanavakavaham-bolo-koditra tany Etazonia tamin'izany fotoana izany dia nanelingelina ny fandrosoan'ny asany. I Hazen Foss, olona iray hafa nitenenan' Andriamanitra, dia nandà ny fahafahana manambara ireo zavatra nasehon'Andriamanitra azy. Noho izany dia tamin'ny tahotra lehibe no namalian'i Ellen Harmon, zazavavy tanora dia tanora, ny antson'Andriamanitra mba ho irany.

Ny fiantsoana an'i Ellen Harmon, lasa Ellen White rehefa nanambady an'i James White, sy ny fanomezam-pahasoavan'ny faminiana ary ny asa fanompoana nataony no nahazoana ireo fampianarana fototra inoan'ny Fiangonana Advantista Mitandrina ny Andro Fahafito. Ny fampianarana fototra faha-valoamin'ny folon'ny Fiangonana Advantista Mitandrina ny Andro Fahafito dia manambara toy izao:

“Ny Soratra Masina dia manaporofa fa ny faminiana dia iray amin'ny fanomezan' ny Fanahy. Io fanomezana io dia marika ahafantarana ny fiangonan'ny sisa ary voaseho tamin'ny asan'i Ellen G. White. Araka ny maha-mpitondra hafatr' Andriamanitra azy, ny soratra navelany dia loharanom-pahamarinana miboiboika lalandava sady manana fahefana izay manome fampaherezana, fitarihan-dàlana, fampianarana sy fanitsiana ny Fiangonana. Mampiseho miharihary koa izany fa ny Baiboly no filamatra tsy maintsy isedrana ny fampianarana sy ny fanandramana rehetra”

Mariho tsara fa ny Baiboly no fototry ny Fiangonana Advantista Mitandrina ny Andro Fahafito sy ny fampianarana inoany. Ny asa soratr'i Ellen White, izay vokatry ny asan'ny Fanahy Masina teo amin'ny fiainany sy ny asa fanompoana nataony, dia tsy misolo na maka ny toeran'ny Baiboly. Raha ny marina, ny asa soratr'i Ellen White dia fomba iray mitarika ireo mpamaky azy ho amin'ny Baiboly. Ny toro-hevitra nomeny, izay azo avy tamin'ny tsindrimandry, dia anisan'ireo mpanoratra kristiana mifantoka indrindra amin'i Kristy nandritra ny vanim-potoana rehetra. Ny famakiana amim-pitandremana ny asa sorany dia manambara anarana, anaram-boninahitra sy fomba fiantsoana miisa 840, izay nanondroany an'i Jesosy. Antsoiny hoe Andrian'ny Fiadanana, *Rose de Sharon*, Ilay Andriamanitra/Ilay Masina, Zanak'Andriamanitra, Fahazavana/Fahatsaran-tarehin'ny lanitra, Mpiandry tsara, Ilay

Malemy Fanahy, Tombo-kasen'ny lanitra, Ilay Tia, ny Mpanavotra, ny Mpanjaka, ny Mpamonjy, sy ny maro hafa.

Ny Advantista Mitandrina ny Andro Fahafito dia misaotra an 'Andriamanitra noho ny asa fanompoana nataon'i Ellen White. Tsy menatra ny fiainany na ny asa fanompoany izy ireo! Ny bokiny dia anisan'ny fananana sarobidin'izy ireo ary ho an'ny maro dia zavatra mora raisina sy fampiasa matetika - vonona hatrany hanolotra fisokafana amin'Andriamanitra, teny fampanantenana, fampirisihana na torohevitra. Raha afaka nampanankarena ny fiainan'ny mpino manerana an'izao tontolo izao ireo mpanoratra kristiana hafa dia alaivo sary an-tsaina ny akony eo amin'ny fiainan'ireo izay manaraka an'i Kristy raha manokana ora vitsivitsy hisaintsainana miaraka amin'ny boky *Ny Dia ho eo amin'i Kristy*, Ilay Fitiavana Mandresy, *Pensées sur le Mont de Bénédiction*, Hery Mifanandrina.

Ny asa soratr'i Ellen White dia ara-Baiboly tanteraka. Nisy pasitora iray nanamarika fa Satana sy ireo anjeliny dia mitady fomba hanapotehana ny asa soratr'i Ellen White satria fantatr'izy ireo fa tsy hahomby ny fitaka ataony raha tsy mampiasa ny Fanahin'ny Faminaniana izy ireo. Saika hatramin'ny nanombohan'ny fiantsoana an'i Ellen White, dia nanentana olona hamafy fiahiahiana momba ny toetrany sy ny asa fanompoany i Satana, amin'ny fanaratsiana azy ho toy ny mpamerina fotsiny izay lazain'ny hafa sy mpandainga. Na dia ankehitriny aza, misy mambran'ny Fiangonana Advantista izay manohy mamely ny asa soratr'i Ellen White. Mahagaga ireo mpamaky mahatoky ny boky nosoratany ny mahita mambran'ny fiangonana izay nampianarina ny finoana fototry ny Fiangonana Advantista Mitandrina ny Andro Fahafito ary nanamafy izany ampahibemaso, ary mino ihany koa fa ny fanomezam-pahasoavan'ny faminaniana dia niseho teo amin'ny fiainana sy ny asa fanompoan'i Ellen White, nefa mbola tonga amin'ny fanamelohana an'i Ellen White. Matetika no mitranga izany rehefa mitsidika ny tranokala mpanohitra an'i Ellen White amin'ny aterneto sy ny tambajotra sosialy izy ireo na ny olona hafa. Raha te-ho mpanara-dia an'i Jesosy isika, indrindra amin'izao andro farany amin'ny tantaran'ny tany izao, dia tokony hametraka ny finoantsika eo amin'i Jesosy Kristy fa tsy amin'ny fanambarana diso aelin'ny olona sasantsasany tsy faly any aterneto na ny tambajotra sosialy.

Raha ny marina, dia maro amin'ireo izay mankahala ny asa soratr'i Ellen G. White no manao izany amin'ny kapobeny satria novan'ny sasany tamintsika na nampiasaina tamin'ny fomba diso izany. Raha misy ny sasany amintsika tsy miraharaha velively ireo torohevitra, ny hafa kosa indray manandratra izany hitovy lenta amin'ny Baiboly na ambony kokoa aza. Tokony ho faly ny Advantista Mitandrina ny Andro Fahafito satria notahin'Andriamanitra ny fiangonana tamin'ny fanomezana mahatalanjona toy izany, ary tokony hampiasa azy amin'ny fitsipika tsara momba ny fandikana ny heviny ary amimpitandremana fatratra. Raha tsy rototra sy tsy mailo isika amin'ny fampiasana io fanomezam-pahasoavana manokan'ny fahamarinana io, dia amin'ny fomba ahoana moa no hanantenantsika ny hafa hanao izany?

Mampalahelo anefa fa ireo olona ao am-piangonana izay manaratsy sy mandà ny asa soratr'i Ellen White matetika dia tsy manana fanandramana ampy eo amin'ny fiainany ara-panahy. ary io tsy fahampiana io dia mitarika azy ireo handà ny Baiboly ihany koa. Nino i Ellen White fa ny fandinihana ny Soratra Masina sy ny fahavononana hankato izany dia tena zava-dehibe tokoa hihazonana ny finoana sy ny fahatokiana an'Andriamanitra. Indray mandeha dia nanoratra toy izao i Ellen White: "Raha nanao ho antom-pianaranao ny tenin' Andriamanitra, miaraka amin'ny faniriana hahatratra ny fenitry ny Baiboly sy hahatratra ny fahatanterahana Kristiana, dia tsy ho nila ny boky *Témoignages* ianao. Fa nataonao an-tsirambina ny fifankazarana amin'ny bokin'ny tsindrimandrin'Andriamanitra izay nokasainy hanatrarana anao amin'ny alalan'ny fijoroana ho vavolombelona tsotra sy mivantana, amin'ny fitarihana ny sainao eo amin'ireo tenin'ny tsindrimandry izay tsy nankatoavinao, ary amin'ny fampirisihana anao hanamboatra ny fiainanao hifanaraka amin'ny fampianarany madio sy mendrika." Ellen White dia nino ny maha-laharana voalohany ny Soratra Masina ho toy ny fitsipika ambony indrindra ho an'ny finoana sy ny fampiharana ataon'ny fiangonana.

Ny sakana iray hafa amin'ny faneken'ny olona sasany ny asa soratr'i Ellen White dia ny tsy fisian'ny «voa» eo amin'ny fiainan'ireo izay milaza ho mamaky izany. Nisy pasitora iray nanamarika indray mandeha fa ny olona izay misafidy ny tsy hanaiky ireo hafatra nampitain'Andriamanitra tamin'ny alalan'i Ellen White dia olana maneran-tany, fa ireo izay tsy manaiky izany dia hirona mora kokoa ho amin'izany raha tsy mahita ny vokatra ateraky ny Fanahin'ny Faminaniana eo amin'ny fiainan'ireo izay manaiky izany.

Tian'i Satana ny tsy hanomezantsika lanja ireo torohevitra masina amin'ny fotoana tena ilantsika izany indrindra. Rehefa tsy azon'ny devoly atao ny manosika antsika handà ireo asa soratra ireo dia hataony fotsiny izay tsy hiraharahantsika azy ireny ka hahatonga antsika ho sahirana be loatra ka tsy afaka mamaky sy mandinika ny fahamarinana voalaza ao. Ny 2Tantara 20:20 dia milaza hoe: "Minoa ny mpaminaniny, dia hambinina ianareo." Nefa mba hahazoana hino ny mpaminany dia tsy maintsy mamaky azy ireny aloha isika. Araka ny voalaza mazava ao amin'ny andalan-teny novakiansika anio, dia "sambatra izay mamaky sy mihaino ary mitandrana ireo teny voasoratra".

Tamin'ny anankiray amin'ireo fahitana voalohandohany azony i Ellen White dia nahita ny fomba hanoheranan'ny olona ireo asa sorany ka dia nitomany mafy izy. Niangavy tamin'Andriamanitra izy mba hanaisotra ilay fanomezam-pahasoavana taminy satria maro no hankahala azy. Tsarovy fa tanora herontreronny izy tamin'io fotoana io, nefa dia nahatsapa ho nivesatra entana hizara amin'ny hafa izay zavatra nambara taminy. Alohan'ny handavana ny asa soratr'i Ellen White, izay rehetra misalasala fa irak'Andriamanitra i Ellen White dia tokony hamaky ireo asa sorany, angamba manomboka amin'*Ilay Fitiavana Mandresy*, boky izay hisarika ny mpamaky hanana fifandraisam-pitiavana ety kokoa sy lalina kokoa amin'i Jesosy.

## Famaranana

Eto am-pamaranana dia andeha isika hifantoka mandritra ny fotoana fohy amin'ny fahitana voalohany azon'i Ellen White. Tao amin'io fahitana io izy dia nahita ny mpino Advantista mandeha amin'ny lalana tery anankiray mankany amin'ny tanànan'Andriamanitra. Nisy hazavana tena mampirapiratra nitaratra tao aorian'izy ireo nanazava ny lalany. Naseho an'i Ellen White fa io hazavana io dia naneho ny Antso Mamatonalin' ireo izay te hahita an'i Jesosy. Teo alohan'ireo andiana mpino ireo Jesosy nitarika azy ireo ho ao amin'ilay tanàna. Nanamarika i Ellen White fa raha nampifantoka hatrany ny fijeriny teo amin'i Jesosy izy ireo, dia voaaro ny diany. Isaky ny manaisotra ny fijeriny teo amin'i Jesosy izy ireo dia nahatsiaro reraka, lasa kivy ary nitaraina fa lavitra ny tanàna. Nanamarika ihany koa izy fa maro no nianjera tany amin'ny hantsana maizina. Raha mba nampifantoka hatrany ny fijeriny teo amin'i Jesosy izy ireo, dia ho today soa tao amin'ny fanjakana. Io fifantohan'ny fijery eo amin'i Jesosy io dia lasa fototry ny asa fanompoana mandritra ny 70 taona nataon'i Ellen White, ary io ihany koa no loha hevitra miverimberina amin'ny Baiboly

Ny fifantohan'ny fijerintsika eo amin'i Jesôsy dia naseho mialoha tany an-tany efitra rehefa nasaina nijery ny menarana varahina izay natsangan'i Mosesy ny Isiraelita voakaikity ny bibilava nisy poizina (Nomery21: 4-9). Ao amin'ny Jaona 1:29 i Jaona Mpanao Batisa dia namerina ny efa voalaza rahateo tamin'ny filazany tamin'ny mpihaino tamin'ny andro nanaovana batisa an'i Jesosy, nanao hoe: "Indro," – afantohy ny fijerinareo – ny Zanak'ondrin'Andriamanitra izay manaisotra ny fahotan'izao tontolo izao." Ao amin'ny Jaona 3:14 dia Jesosy mihitsy no nanambara fa tahaka ny nanandratan'i Mosesy ny menarana tany an'efitra, no hanandratana Azy koa izay rehetra mijery Azy dia ho vonjena.

Tokony hijery an'i Jesosy isika ary hifantoka eo amin'i Jesosy! Rehefa misafotofoto manodidina antsika ny onjam-piainana, ny hany fiarovana ho antsika dia ny mijery an'i Jesosy! Raha mbola nampifantoka ny masonry teo amin'i Jesosy i Petera dia afaka mandeha teny ambony rano. Raha vao nampivily ny masonry izy dia nanomboka nilentika tao anatin'ny onja (Matio 14: 22-33)! Rehefa niatrika ny fahafatesana tsy azo nialana ilay maritiora voalohan'ny fivavahana kristiana dia nitodika tany an-danitra izy mba hifantohan'ny fijeriny eo amin'i Jesosy! Rehefa nanao izany izy dia nahita ny lanitra nisokatra sy Jesosy nitsangana nanara-maso azy tamin'ny fotoana lehibe indrindra nandalovany fizahan-toetra (Asa 7:54). Satria nibanjina an'i Jesosy i Stefana, dia tsy nampaninona azy izay hataon'ity tontolo ity aminy. Ny masonry dia nifantoka tamin'Ilay Mpanome Fiainana, Ilay afaka miantso azy ho velona indray!

Tsy maintsy mampifantoka ny fijerintsika eo amin'i Jesosy isika satria ho avy tsy ho ela Izy!

Fijery iray fotsiny eo amin'ny Mpamonjy dia ampy hanova antsika! Mety hieritreritra ny sasany fa tsy ampy ny fijery iray fotsiny, nefa fanombohana tsara izany satria, hoy ny pasitora anankiray tamim-pientanana, "Rehefa mijery aho dia tsy afaka manaisotra ny masoko hiala teo Aminy. Rehefa mijery Azy aho, ny fahatsarany no misarika ahy. Rehefa mijery an'i Jesosy aho dia fantaro hoe iza aho. Talohan'ny nijereko an'i Jesosy dia mety ho



nieritreritra aho hoe mety ny ataoko, nefa rehefa mijery an'i Jesosy aho, ary mahita ny tenako amin'ny fomba fahitan'i Jesosy ahy, dia manaiky aho fa tsy misy na inona na inona eny antanako azoko entina. Mamikitra fotsiny izao amin'ny hazo fijaliana aho! ”

Ry rahalahy sy ranabavy, andeha hampifantoka ny fijerintsika eo amin'i Jesosy! Raha sendra kivy be ianao eny an-dàalana, raha reraka ianao, dia tsarovy fa raha hampifantoka hatrany ny fijerintsika eo amin'i Jesosy isika dia ho tody soa aman-tsara ao an-trano! Mety hisy hanontany hoe: "Ahoana no fomba hampifantohako ny fijeriko eo amin'i Jesosy?" Jesosy dia ambara amin'ny alalan'ny Teniny sy ny filazana Azy. Raha hampifantoka ny fijerintsika eo amin'i Jesôsy isika, dia tsy maintsy mitady Azy eo amin'ny fiainantsika isan'andro isika ary mijery Azy amin'ny alalan'ny fidirany an-tsehatra isan'andro. Tsy maintsy mamaky ny Teniny sy ny Filazana Azy isika! Tsy maintsy mihaino ihany koa ny Teniny sy ny Filazana Azy isika! Farany, tsy maintsy mankato ny Teniny sy ny ny Filazana Azy isika!

Andeha hampifantoka ny fijerintsika eo amin'i Jesosy! Izany no hany fomba hahatody soa aman-tsara antsika any an-trano. Mety ho tonga amintsika avy amin'ny lafiny maro ny olana, ny fiahiahiana ary ny fanahiana, nefa raha mifantoka amin'i Jesosy kosa ny masontsika, dia tody soa any an-trano isika! Angamba voafintin'i Ellen White amin'ny fomba tsara indrindra izany rehefa nanoratra izy nanao hoe:

**“Raha mibanjina Ilay Mpanavotra voahombo isika**, dia azontsika amin'ny fomba feno kokoa ny halehibe sy ny dikan'ny sorona nataon'Ilay Andrianan'ny lanitra.

Omam-boninahitra eo anoloantsika ny drafitry ny fanavotana ka mamohafoha fihetseham-po velona sy masina ao am-pontsika ny fieritreretana an'i Kalvary. Ho ao am-pontsika sy eo am-bavantsika ny fiderana an'Andriamanitra sy ny Zanak'ondry; satria tsy afaka manjaka ao amin'ny fanahy izay mitahiry ny fisehoan-javatra tao Kalvary ho velona ao amin'ny fitadidiany ny avonavona sy ny fideran-tena.

**Izay mibanjina ny fitiavan'ny Mpamonjy tsy misy toa azy** dia hasandratra ny sainy, ho diovina ny fony, hovana ny toetra amam-panahiny. Handroso izy ho fahazavana ho an'izao tontolo izao, hitaratra amin'ny ambaratonga hafa indray io fitiavana zary miafina io. Arakaraka ny hibanjinantsika ny hazofijalian'i Kristy dia arakaraka izany no handraisantsika ny tenin'ny apostoly raha hoy izy hoe: "Fa sanatria raha misy hataoko rehefa afa-tsy ny hazo fijalian'i Jesosy Kristy Tompontsika, Izay naha-voahombo izao tontolo izao tamin'ny hazo fijaliana, raha ny amiko, ary izaho kosa raha ny amin'izao tontolo izao” (Gal. 6:14) – *IFM*, 713

Hiaro sy hitahiry antsika anie Andriamanitra mandra-pihavin'ny andro hisehoan'ny finoantsika, izay hahafahantsika mametraka ny sandrintsika hamihina Ilay efa nobanjinantsika sy niriantika!

---

Ny **Pasitora Grant Lottering** dia miandraikitra fiangonana roa ao amin'ny Federasionan'ny Fiangonana Advantista Mitandrina ny Andro Fahafito any Cape. Miasa ho mpikaroka mpanampy ho an'ny Ellen G. White SDA-Research and Heritage Centre ao amin'ny Helderberg College of Higher Education any Afrika Atsimo koa izy.

.....